

L'amour expiatoire de Jésus-Christ

Par Neil L. Andersen
du Collège des douze apôtres

Ny fitiavana manavotr'i Jesoa Kristy

Nataon'ny Loholona Neil L. Andersen
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

Conférence générale d'octobre 2025

La guérison et le pardon ne sont complets que dans l'amour expiatoire de Jésus-Christ.

J'exprime mon amour pour le président Nelson et ma reconnaissance pour l'influence remarquable qu'il a exercée sur chacun de nous. En notre nom à tous, je remercie Dieu d'avoir préservé et magnifié la noble vie de frère Oaks.

Année après année, je ressens un amour de plus en plus grand pour notre Sauveur, Jésus-Christ, et pour son expiation miséricordieuse. Son sacrifice suprême, par lequel il a remporté la victoire sur la mort et le péché, est la contribution la plus importante de toute l'histoire de l'humanité. La compréhension de son don divin représente pour moi un apprentissage céleste infini, qui se poursuivra au-delà de la tombe.

La puissante compassion du Sauveur lorsqu'il pardonne les péchés et guérit les blessures causées par les péchés d'autrui est une manifestation des plus miraculeuses de l'amour de Dieu.

Mon désir est d'offrir de l'espoir aux personnes qui recherchent le pardon pour des péchés graves et du réconfort à celles qui recherchent la guérison des blessures profondes causées par les péchés graves d'autrui.

La guérison et le pardon ne sont complets que dans l'amour expiatoire de Jésus-Christ.

La foi en Jésus-Christ

Si vous avez commis des péchés graves et que

Samy amin'ny fahafenoany ny fanasitranana sy ny famelan-keloka ao amin'ny fitiavana manavotr'i Jesoa Kristy.

Maneho ny fitiavako ny Filoha Russell M. Nelson sy ny fankasitrahako noho ny fitaomana nahavariana nentiny teo amin'ny tsirairay amin-tsika aho. Ary misaotra an' Andriamanitra aho noho ny fitsimbinany sy ny fanandriany ny fiainan'ny Filoha Dallin H. Oaks ho antsika rehetra.

Isan-taona aho dia mahatsapa fitiavana lehibe kokoa hatrany ho an'i Jesoa Kristy Mpamonjintsika sy ny Sorompanavotany feno indrafo. Ny sorona faratampony nataony, izay mahatonga antsika ho afaka handresy ny fahafatesana sy ny fahotana no zava-nitranga misy fiantraikany lehibe indrindra teo amin'ny tantaran'ny olombelona. Ny fahatakarana ny fanomezany masina ho ahy dia fampianaran'ny lanitra tsy manam-petra izay hitohy hatrany an-koatry ny fasana.

Fanehoana mahagaga indrindra ny fitiavan' Andriamanitra ny fangorahana mahery vaikan'ny Mpamonjy amin'ny famelana fahotana sy ny fanasitranana ireo ratra nateraky ny fahotan'ny hafa.

Ny faniriako dia ny hanolotra fanantena-na ho an'ireo izay mikatsaka famelan-keloka amin'ireo fahotana goavam-be sy hanolotra fampiononana ho an'ireo izay mikatsaka fanasitranana amin'ireo ratra mampahory nateraky ny fahotana goavana nataon'ny hafa.

Samy amin'ny fahafenoany ny fanasitranana sy ny famelan-keloka ao amin'ny fitiavana manavotr'i Jesoa Kristy.

Finoana an'i Jesoa Kristy

Raha nanao fahotana goavana ianao ary eo

vous êtes actuellement sur le chemin du repentir, ou avez le désir de vous repentir pleinement et de ressentir la joie ineffable du pardon, sachez que ce miracle vous attend. Le Sauveur nous lance continuellement cet appel : « Venez à moi. »

Le fait de renforcer votre foi en notre Sauveur, Jésus-Christ, revigorera le désir de votre âme de le connaître, de croire en lui et de lui abandonner votre cœur. Concernant son propre pardon, Énos a demandé : « Seigneur, comment cela se fait-il? » Le Seigneur a répondu : « À cause de ta foi au Christ, que tu n'as encore jamais entendu ni vu. »

Moroni a ajouté : « Et si vous vous refusez toute impiété et aimez Dieu de tout votre pouvoir, de toute votre pensée et de toute votre force, alors sa grâce vous suffit. »

Vous détourner du péché, vous tourner vers Dieu et renforcer votre foi en Jésus-Christ est un beau début. Soumettre humblement votre volonté à Dieu implique de confesser vos péchés graves à votre évêque ou à votre président de branche, mais votre pardon complet vient du Sauveur. Le pardon est un don divin qui nous est offert par la grâce de Jésus-Christ.

L'honnêteté

Le désir de revenir véritablement à Dieu s'accompagne de la détermination d'être complètement honnête avec votre Père céleste, avec vous-même, avec les personnes que vous avez blessées et avec votre dirigeant de la prêtrise. Votre Père céleste se réjouit de votre détermination à venir à lui cœur brisé et l'esprit contrit. Avoir l'esprit contrit signifie se remettre humblement entre les mains de Dieu ; avoir le cœur brisé produit ce que l'apôtre Paul a décrit comme la « tristesse selon Dieu », un profond désir de l'âme de revenir à lui, quel qu'en soit le prix.

Réparer ce qui est brisé

Ce désir ardent vous amène à vouloir réparer ce que vous avez brisé. Néanmoins, réalisant qu'il

an-dalam-pibebahana na manana faniriana ny hibe-baka tanteraka sy hahatsapa ilay fifaliana tsy hay lazaina avy amin'ny famelan-keloka, dia fantaro fa miandry anao io fahagagana io. Manohy miantso hatrany ny Mpamonjy hoe “Mankanesa aty Amiko”.

Ny fanamafisana orina ny finoanao an'i Jesoa Kristy Mpamonjintsika dia hamelona ny faniriana lalina ao am-ponao hahafantatra Azy, hino Azy, ary hanolotra tanteraka ny fonao ho Azy. Nanontany momba ny famelana azy i Enôsa hoe: “Ahoana no mahatò izany, Tompo ô?” Namaly ny Tompo hoe: “Noho ny finoanao an'i Kristy izay tsy mbola henonao na hitanao na oviana na oviana”.

Ary nampian'i Môrônia hoe: “Raha mandà ny toetra tsy araka an' Andriamanitra rehetra ny tenanareo, ary tia an' Andriamanitra amin'ny herinareo, ny sainareo ary ny tanjakareo rehetra ianareo, amin'izany dia ampy ho anareo ny fahasoavany”.

Fanombohana tena tsara ny fialana amin'ny fahotana, ny fitodihana amin' Andriamanitra, ary ny fanamafisana orina ny finoanao an'i Jesoa Kristy. Tafiditra ao anatin'ny fiaikena am-pane-trentena ny sitraponao amin' Andriamanitra ny fiaikena fahotana goavana amin'ny evekanao na ny filohan'ny sampana misy anao, fa ny famelana anao tanteraka kosa dia avy amin'ny Mpamonjy. Fanomezana masina atolotra amin'ny alalan'ny fahasoavan'i Jesoa Kristy ny famelan-keloka.

Fahamarinan-toetra

Ny faniriana hiverina marina amin' Andriamanitra dia miaraka amin'ny fahavononana ho marin-toetra tanteraka amin'ny Rainao any An-danitra, amin'ny tenanao, amin'ireo izay voaratra, ary amin'ny mpitarika anao ao amin'ny fisoronana. Ny Rainao any an-danitra dia mifaly amin'ny fahamehanao hanatona Azy amin'ny fo torotoro sy fanahy manenina Izy. Ny hoe manana fanahy manenina dia mametraka amim-pane-trentena ny tenanao eo an-tanan' Andriamanitra; ary ny fananana fo torotoro dia mitondra ilay faritan'ny Apôstôly Paoly hoe “alahelo araka an' Andriamanitra,” izay faniriana lalina ao anaty hiverina any Aminy na inona na inona ny sarany.

Mamerina amin'ny laoniny izay torotoro

Ny faniriana dia mitarika anao haniry hanamboatra izay zavatra nopotehinao. Kanefa,

y a des choses que vous n'avez pas le pouvoir de réparer, vous priez avec ferveur que le Seigneur, par sa grâce, guérisse les personnes que vos actions ont blessées.

Les effets d'un péché grave sur autrui sont souvent douloureux et difficiles à surmonter. Suivez-vous l'exemple des fils de Mosiah, qui « s'efforç[aient] avec zèle de réparer tout le mal qu'ils avaient fait » ? Parlez avec des personnes que vous respectez de ce que vous ne voyez peut-être pas.

Alors que je préparais ce discours, j'ai reçu un courriel inattendu d'un homme qui était en train de se repentir et qui désirait revenir à l'Église. Son ex-femme souffrait encore de la perte « de [leur] mariage éternel, [des difficultés liées aux enfants], de la perte de sécurité financière, [...] de l'incapacité à faire face aux dépenses [et] du sentiment profondément oppressant d'avoir été trahie ».

Il m'a raconté que son dirigeant de la prêtrise « s'était senti poussé à [lui demander] de réfléchir, à l'aide de la prière, à ce qu'il [pouvait faire de plus pour son ex-femme et ses enfants] ». Avec sa permission, je vais vous lire une partie de son courriel :

« J'ai [d'abord] pensé que [la somme d'argent] que j'avais donnée lors du divorce était plus que généreuse, mais mon président de branche m'a encouragé à jeûner et à prier à ce sujet. [...] »

« Au début, j'avais du mal à accepter l'idée d'une restitution supplémentaire. Comme mes péchés n'étaient pas d'ordre financier, je me demandais ce que signifiait réellement 'une restitution généreuse', [mais] je me suis vite rendu compte qu'il ne s'agissait pas seulement d'argent.

« Mes dirigeants de la prêtrise ont parlé avec [mon ex-femme] et mes enfants, et se sont rendu compte qu'ils étaient toujours en difficulté ; ils n'étaient pas guéris.

« Mon nouvel objectif était d'avancer avec foi. [...] J'ai simplement exprimé mon désir d'aider sans aucune condition. [...] J'ai décidé d'[envoyer à mon ex-femme un montant spécifique] chaque mois. [Ce montant] représentait une part importante de mon salaire net. Juste avant d'effectuer le

noho ny fahatsapanao fa misy zavatra sasantsa-sany tsy vitanao ny manarina azy, dia mivavaka mafy ianao, mba hanampian'ny Tompo, amin'ny alalan'ny fahasoavany, hanasitrana ireo izay vo-aratra vokatry ny zavatra nataonao.

Matetika ny vokatry ny fahotana goavana eo amin'ny hafa no tena sarotra resena. Manaraka ny ohatra nasehon'ireo zanakalahin'i Môzia ianao, izay “niezaka tamin'ny faharisihana tokoa hanarina ny fanimbana rehetra izay efa nataony”? Resaho amin'ireo olona hajainao ny zavatra mety tsy tsapanao.

Teo am-panomanako ity lahateny ity dia naharay mailaka tsy nampoizina avy tamin'ny olona iray manao dingan'ny fibebahana sy maniry ny hiverina ato amin'ny Fiangonana aho. Ny vadiny teo aloha dia mbola nijaly noho ny famoizana “ny fanambadia[n'izy ireo] mandrakizay, [ny fahasarotan'ny fikarakarana ireo zanaka], ny tsy fahampiana ara-bola intsony, ... ny tsy fahafahana manefa ny fandaniana rehetra, [ary] ireo fahatsapana tsy hay zakaina fa voafitaka”.

Nozarainy tamiko ny fomba “nahatsapa[n'ny mpitarika azy ao amin'ny fisoronana] ho notao-mim-panahy [hangataka azy] handinika ombam-bavaka ny [zavatra fanampiny azony natao ho an'ny vadiny teo aloha sy ny zanany]”. Zاراiko ny ampahany amin'io mailaka nalefany io rehefa nahazoako lalana:

“Nieritreritra aho [tamin'ny voalohany] fa mihoatra noho ny fahalalahan-tanana ny [vola] nasaina nomeko tao amin'ny didim-pisaraham-panambadiana, kanefa namporisika ahy ny filohan'ny sampana misy ahy mba hifady hanina sy hivavaka momba izany. ...

“Tany am-boalohany dia nanahirana ahy ny nieritreritra izany hoe hanao fanonerana fanampiny izany. Satria moa tsy ara-bola ny fahotana nataoko, dia nanontany tena aho hoe inona no tena dikan'izany -fanonerana amin-kalalahan-tanana- izany... [saingy] tsy ela dia tsapako fa tsy momba ny vola fotsiny ihany izany.

“Nihaona tamin'ny [vadiko teo aloha] sy ny zanako ireo mpitarika ahy ao amin'ny fisoronana dia nahita fa mbola sahirana izy ireo ary tsy mbola sitrana. ...

“Ny handroso amim-pinoana no tanjoko vaovao. ... Naneho ny faniriako hanampy tsy misy tambiny fotsiny aho. ... Nanapa-kevitra aho ny [handefa vola voafaritana manokana tany amin'ny vadiko teo aloha] isaky ny karama raisiko, izay ampahany betsaka tamin'ny karama-

premier versement, le Seigneur [m'a fait comprendre que je devais] payer [le double de ce montant].

« J'ai appris que la restitution n'est pas seulement une question d'argent. Il s'agit de consacrer humblement ma vie au Seigneur. [...] L'argent aide à remplacer ce que j'ai pris à ma famille à cause de mes mauvais choix. Il s'agit de faire et de tenir des promesses sans rien attendre en retour, et de permettre [à mon ex-femme] de ne pas se soucier des factures à payer afin qu'elle puisse rechercher la compagnie de l'Esprit. »

Vos efforts pour réparer ce que vous avez brisé ne sont pas forcément d'ordre financier, mais, en tenant humblement conseil avec le Seigneur, vous découvrirez peut-être que vous pouvez faire plus.

L'approbation divine graduelle

Tandis que vous recherchez le pardon du Seigneur, soyez patient en attendant sa pleine approbation. Réfléchissez à ce passage des Écritures :

« Ils s'humilièrent dans les profondeurs de l'humilité ; et ils crièrent à Dieu avec force ; oui, [...] toute la journée. [Mais] le Seigneur était lent à entendre leur cri à cause de leurs iniquités. »

« Néanmoins, le Seigneur entendit leurs cris, et commença [...] à alléger leurs fardeaux ; [et] ils commencèrent à prospérer peu à peu. »

Soyez patient, tandis que le Seigneur vous donne peu à peu sa bénédiction et son approbation.

En son temps, vous sentirez la voix du Seigneur vous dire : « Ne laiss[e] plus ces choses-là te troubler. » Un jour, si vous continuez à vous tourner vers le Sauveur, votre Père céleste enlèvera « la culpabilité de [v]otre cœur, par les mérites de son Fils ».

Blessé et en souffrance

À vous qui avez été injustement blessés par les péchés graves d'une autre personne, je désire exprimer l'amour et la compassion du Sauveur,

ko feno. Talohan'ny nandoavako ilay vola voalohany mihitsy, dia [nataon'ny Tompo nibahana tao an-tsaiko fa nila] nandoa [avo roa heny izany vola izany aho].

“Nianatra aho fa tsy resabola fotsiny ny fanonerana. Fa momba ny fanolorako amim-panetrentena ny fiainako ho an'ny Tompo izany. ... Natao hanampy amin'ny fanoloana izay nalaiko tamin'ny fianakaviako vokatr'ireo safidy ratsy nataoko ilay vola. Fanaovana sy fanajana fampanantenana tsy iandrasana tambiny izany ary fanampiana azy tsy hanahy amin'ireo faktiora mba hahafahany mikatsaka ny Fanahy.”

Mety tsy misy hidiran'ny vola ny ezaka atao mba hamerina amin'ny laoniny ny zavatra nosimbainao, kanefa rehefa maka torohevitra amim-panetrentena amin'ny Tompo ianao, dia mety ho hitanao fa mbola betsaka ny zavatra azonao atao.

Fankatoavana avy amin' Andriamanitra mandeha ambaratonga

Eo am-pikatsahanao ny famindram-pon'ny Tompo dia manàna faharetana eo am-piandrasanao ny fankatoavany tanteraka. Eritrereto ity soratra masina ity:

“Nanetry ny tenany hatrany amin'ny fanetrentena lalina izy; ary nahery nitalaho tokoa tamin' Andriamanitra ...; eny, nandritra ny manontolo andro izy no nitalaho. ... [Saingy] ny Tompo dia nitaredretra tamin'ny fihainoana ny fitalahoany noho ny helony”.

“Na dia teo aza izany, dia nihaino ny fitalahoany ny Tompo, ary nanomboka ... nohamaivaniny ny entany; ... dia nanomboka nirobro niandalana izy”.

Manàna faharetana eo am-panomezan'ny Tompo anao miandalana ny fitahiany sy ny fankatoavany.

Amin'ny fotoanan'ny Tompo dia ho tsapanao ny feony miteny aminao hoe: “[aza avela] intsony ireo zavatra ireo hanahirana ny sainao”. Indray andro any, rehefa manohy mitodika amin'ny Mpamonjy ianao, dia “[hanaisotra] ny heloka hiala ny fo[nao amin'ny] fahamendrehan'ny Zanany” ny Rainao any An-danitra.

Naratra sy nijaly

Ho anareo izay naratra tsy ara-drarin'ny noho ny fahotana lehibe nataon'ny hafa, dia maniry mafy ny hizara ny fitiavana sy ny fangorahan'ny

son réconfort et sa paix.

Le Sauveur est conscient de la tristesse que vous avez ressentie, du chagrin, de la perte, du sentiment étouffant de trahison et de l'effondrement de la vie que vous pensiez mener — je vous donne mon assurance absolue qu'il vous connaît et vous aime. Tendez la main vers lui ! Il est votre réconfort et votre force : il enverra ses anges pour vous soutenir. Quand votre douleur disparaîtra-t-elle ? Quand votre chagrin sera-t-il apaisé et les souvenirs indésirables oubliés ? Je ne sais pas. Mais je sais ceci : il a le pouvoir de faire naître la beauté à partir des cendres de votre souffrance.

Nos frères et sœurs bien-aimés de Grand Blanc, dans le Michigan, avec leur foi inébranlable en Jésus-Christ, leur courage et leur générosité, ont reçu, et recevront abondamment, dans les semaines et mois à venir, l'amour et la grâce incomparables du Sauveur.

Si vous continuez à placer votre confiance en lui, vos nuages obscurs et vos sanglots angoissés dans la nuit se transformeront en un flot de larmes de joie et de paix dans la lumière du matin. « Votre tristesse se changera en joie. [...] Et nul ne vous ravira votre joie. » Ce moment viendra. Je témoigne qu'il viendra.

On peut trouver l'amour expiatoire de Jésus-Christ dans les situations les plus difficiles. Néanmoins, nous avons tous constamment besoin de la grâce expiatoire de notre Sauveur. Dallin H. Oaks a enseigné : « Grâce à l'Expiation qu'il a accomplie dans la condition mortelle, notre Sauveur peut réconforter, guérir et fortifier tous les hommes et toutes les femmes de partout, mais je crois qu'il ne le fera que pour les personnes qui le cherchent et demandent son aide. Comme l'a dit l'apôtre Jacques : 'Humiliez-vous devant le Seigneur, et il vous élèvera' (Jacques 4:10). Nous nous qualifions pour cette bénédiction quand nous croyons en lui et prions pour recevoir son aide. »

Robert E. Wells

Mon cher ami et soixante-dix Autorité générale émérite, Robert E. Wells, aujourd'hui

Mpamonjy, ny fampiononana ary ny fiadanany aho.

Ny alahelo tsapanareo, ny ratram-po, ny famoizan-javatra, ilay fahatsapana tsy hay zaka-ina fa voafitaka, ilay zavatra nanova tanteraka ny fiainanareo tsy ho araka izay niheveranareo azy—zaraiko aminareo ny fahazoako antoka tanteraka fa mahafantatra anareo sy tia anareo ny Mpamonjy. Mangataha fanampiana Aminy. Izy no fampiononana sy tanjakareo, handefa ireo anjelin'ny Izy mba hanohana anareo. Rahoviana no ho afaka ny fanaintainanareo, ho resy ny alahelonareo, tsy ho tsaroana intsony ireo fahatsiarovana tsy tiana? Tsy fantatro. Fa izao kosa no fantatro: manana ny hery mitondra hatsarana ho solon'ny lavenon'ny fahorianareo Izy.

Nandray ary handray mitosaka ny fitiavana sy ny fahasoavana tsy manan-tsahalan'ny Mpamonjy, ao anatin'ireo herinandro sy volana ho avy, ireo rahalahy sy anabavy malalantsika ao Grand Blanc, Michigan, miaraka amin'ny finoana tsy hay tohaina sy ny herimpo ary ny tsy fitiavan-tena nasehon'izy ireo.

Rehefa manohy mametraka ny fitokianareo Aminy ianareo, ny rahon'ny haizina sy ny alahelonareo lalina anatin'ny alina dia hiova ho ranomasom-pifaliana sy fiadanana mitosaka ao anatin'ny hazavan'ny maraina. "Hody fifaliana ny alahelonareo. ... Ary tsy hisy [olona] haka ny fifalianareo aminareo." Ho avy izany fotoana izany. Mijoro ho vavolombelona aho fa ho avy izany.

Ny fitiavana manavotr'i Jesoa Kristy dia mety ho hita ao anatin'ny toe-javatra sarotra indrindra, saingy isika rehetra dia mila mandrakariva ny fahasoavana manavotry ny Mpamonjy antsika. Nampianatra ny Filoha Dallin H. Oaks hoe: "Satria niaina sorompanavotana nandritra ny fiainana an-tany ny Mpamonjy dia afaka mampionona, manasitrana sy mankahery ny lehilahy sy vehivavy rehetra n'aiza n'aiza Izy, fa mino aho anefa fa tsy hanao izany Izy raha tsy ho an'ireo izay mitady Azy sy mangataka ny fanampiany. Nampianatra ny Apôstôly Jakoba hoe: -Manetre tena eo anatrehan'ny Tompo, dia hanandratra anareo Izy- (Jakoba 4:10). Mahafeno ny fepe-tra takiana mba hahazoana io fitahiana io isika rehefa mino Azy sy mivavaka mba hanampiany antsika."

Loholona Robert E. Wells

Nahazo lalana avy amin'ny Loholona Robert E. Wells, izay namako tena tiako sy Manampa-

âgé de 97 ans, m'a donné la permission de raconter l'expérience qu'il a vécue il y a plus de 60 ans.

Alors qu'il vivait au Paraguay en 1960 et travaillait comme banquier international, Robert Wells, alors âgé de 32 ans, et sa femme, Meryl, étaient chacun aux commandes de deux avions distincts, alors qu'ils rentraient chez eux en provenance d'Uruguay. Passant à travers d'épais nuages, Robert et Meryl ont perdu le contact visuel et radio l'un avec l'autre. Robert a atterri rapidement et a appris que l'avion de sa femme s'était écrasé. Ni sa femme ni les deux amis qui l'accompagnaient n'avaient survécu. Leurs enfants, âgés de sept, cinq et deux ans, étaient chez eux à Asunción.

Frère Wells a décrit son chagrin en ces termes :

« Les mots seront toujours insuffisants pour exprimer la douleur qui s'est emparée de moi, consumant mes émotions et engourdissant mes sens. Des larmes de tristesse profonde ne cessaient de couler. Comme si cela ne suffisait pas, alors que mon esprit luttait pour faire face à la terrible prise de conscience du décès de ma femme, je me suis senti accablé d'une immense culpabilité, convaincu que j'étais responsable de l'accident. »

Robert s'en voulait de ne pas avoir fait inspecter l'avion plus minutieusement et de ne pas avoir donné à sa femme davantage d'instructions sur l'utilisation des instruments de navigation en vol. Il se sentait coupable de négligence.

Il a dit :

« Mon esprit est entré dans un état de confusion sombre. [...] J'existais simplement, [pour le bien des enfants], mais rien de plus. »

« J'avais [...] perdu le désir de vivre. »

Finalement, Robert a été béni par une expérience profondément spirituelle. Il raconte :

« Un soir, environ un an plus tard, alors que j'étais à genoux en prière, un miracle s'est produit. Tandis que je priais et suppliais mon Père céleste, j'ai senti que le Sauveur venait à mes côtés, et j'ai entendu une voix audible dire ces mots à mon âme et à mes oreilles : 'Robert, mon sacrifice

hefana Ambony nisaorana tamim-boninahitra aho, izay 97 taona amin'izao fotoana izao, mba hizara ny zavatra niainany izay efa ho 60 taona mahery lasa izay:

Fony izy nipetraka tany Paragoay tamin'ny 1960 ary mpiasan'ny banky teo amin'ny sehatra iraisam-pirenena, i Robert Wells, izay 32 taona tamin'izay, sy i Meryl vadiny, dia samy mpanamory fiaramanidina roa samy hafa, nanao sidina hody avy tany Orogoay ho any Paragoay. Rehefa tojo rahona matevina i Robert sy i Meryl dia tsy nifankahita intsony ary tapaka ny fifandraisan'izy ireo tamin'ny radiô. Nampidin'ny Robert haingana ny fiaramanidina, ary tamin'izay izy no nahafantatra fa nianjera ny fiaramanidina nentin'ny vadiny. Samy tsy nisy tafavoaka velona na ny vadiny na ireo namana roa niara-nisidina taminy. Ireo zanany tany an-trano tany Asunción dia fito sy dimy ary roa taona.

Niresaka momba ny alahelony ny Loholona Wells:

“Tsy hisy teny azo hamaritana na oviana na oviana ny fanaintainana nanenika ahy, nameno ny fihetseham-poko ary naha-donto ny fahatsapan'ny vatako. Tsy nitsahatra nirotsaka tsotra izao ny ranomason'alahelo lalina. Fa vao mainka nanaratsy kokoa ny toe-javatra, raha iny niezaka ny hiatrika ilay vaovao mampalahelo momba ny fahalasan'ny vadiko iny ny saiko, dia nahatsapa fahamelohana goavana aho tamin'ny fahatsapana fa izaho no tompon'andraikitra tamin'ilay fianjeran'ny fiaramanidina”.

Nanamelo-tena i Robert noho ny tsy nanaraha-maso misimisy kokoa ilay fiaramanidina sy noho ny tsy nanomezany an'ny vadiny torolalana tsara kokoa ho azy momba ny fampiasana ireo fitaovana ahafahana misidina. Nahatsapa ho meloka noho ny tsy firaharahiana izy.

Hoy i Robert:

“Lasa donto be ny saiko. ... —[Ho an'ireo zanako] ihany no antom-pisiako, tsy misy hafa.”

“Tsy nanam-paniriana ny hanohy hiaina intsony aho”.

Taty aoriana dia nahazo traikefa ara-panahy lalina i Robert. Hoy izy nitantara:

“Indray hariva izay, tokotokony ho herintona taty aoriana, dia nisy fahagagana nitranga raha teo am-pandohalihana nivavaka aho. Raha iny nivavaka sy nitalaho tamin'ny Raiko any An-danitra iny aho, dia tsapako ho toa tonga teo anilako ny Mpamonjy ary nahare feo mafy

expiatoire a payé pour tes péchés et tes erreurs.
Ta femme te pardonne. Tes amis te pardonnent.
Je vais alléger ton fardeau.’

« À partir de ce moment et de manière extraordinaire, j’ai été soulagé [de mon désespoir] et du fardeau de la culpabilité. J’avais été secouru ! J’ai immédiatement compris la puissance universelle de l’expiation du Sauveur, et [...] qu’elle s’appliquait directement à moi. [...] J’ai [...] ressenti une lumière et une joie que je n’avais jamais connue auparavant. J’avais reçu un don sans contrepartie : le don de la grâce du Seigneur. [...] Je n’avais aucun mérite, je n’avais rien fait pour justifier une telle faveur, mais il me l’a quand même accordée. »

Puissions-nous tous être « sanctifiés dans le Christ, par la grâce de Dieu, grâce à l’effusion du sang du Christ, [devenant] saints, sans tache».

Je témoigne de l’amour, de la miséricorde, et de la grâce de notre Sauveur et Rédempteur. Il vit. Nous lui appartenons, nous sommes enfants de l’alliance. Si nous croyons en lui, le suivons et lui faisons confiance, il nous délivrera de nos peines et de nos péchés. Puis, après cette vie mortelle, dans la maison de notre Père, nous vivrons avec lui pour toujours et à jamais. Au nom de Jésus-Christ. Amen.

aho nilaza ireto teny ireto tamin’ny fanahiko sy tamin’ny sofiko: -Ry Robert, nanonitra ny fahotanao sy ny fahadisoanao ny sorona fanavotana nataoko. Mamela anao ny vadinao. Mamela anao ireo namanao. Hesoriko ny enta-mavesatrao. ...’

“Nanomboka tamin’izay fotoana izay, dia nesorina tamin’ny fomba mahagaga teo amiko ny enta-mavesatry ny fahamelohana [sy ny haktiviana]. Novonjena aho! Takatro avy hatrany ilay hery mandrakotry ny Sorompanavotan’ny Mpamonjy ary ... nampiharina mivantana tamiko izany. ... Nahatsapa fahazavana sy fifaliana izay tsy mbola fantatro hatrizay aho. ... Nomena fanomezana tsy mendrika ny ho azoko aho—ny fanomezana ny fahasoavan’ny Tompo. ... Tsy mendrika izany aho—tsy nisy zavatra nataoko mba ho mendrika izany, kanefa mbola nomeny ahy ihany izany”.

Ry rahalahy sy anabavy, enga anie isika tsirairay avy mba “hamasinina ao amin’i Kristy amin’ny alalan’ny fahasoavan’ Andriamanitra , noho ny fandatsahana ny ran’i Kristy, ... [ho lasa] masina, tsy misy pentina.”

Mijoro ho vavolombelona ny amin’ny fitiavana, ny famindram-po ary ny fahasoavan’ny Mpamonjy sy Mpanavotra antsika aho. Velona Izy. Azy isika; zanaky ny fanekempihavanana isika. Rehefa mino Azy sy manaraka Azy ary matoky Azy isika dia hanandratra antsika avy ao amin’ny alahelontsika sy ny fahotantsika Izy. Avy eo, aorian’ity fiainana an-tany ity, ao an-tranon’ny Rainy, dia hiara-hiaina Aminy mandrakizay mandrakizay isika. Amin’ny anaran’i Jesoa Kristy, amena.